


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fanafoanantsika ny Tenantsika

Aoka isika hifampihevitra



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ao amin’ny Filipiana 2, dia nilaza i Paoly fa mila manaraka ny ohatr’i Jesosy isika. Lazaiko foana fa ny toe-tsaintsika no mamaritra ny fomba fiasantsika, ary ny fomba fiasantsika no mamaritra ny vokany. Toy izao ny toe-tsaina tokony hokolokolointsika:

> "Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona.” (Filipiana 2:5–7)

Ny teny Grika nadika hoe “mpanompo” dia midika ara-bakiteny hoe “andevo”.Noho izany, dia hitantsika àry fa i Jesosy, izay Tompon’ny rehetra, dia nanafoana ny Tenany ary vonona ny ho tonga manompo, ho andevo. Tsy maintsy manahaka ny toe-Tsainy isika.

Nanoratra andinin-teny tsara tarehy, mifanitsy amin'ny Galatiana i Paoly:

> "Fa efa nantsoina ho amin'ny fahafahana hianareo, ry rahalahy; kanefa aoka tsy ho entinareo hanaraka ny nofo izany fahafahana izany [aza manome fahafaham-po ny filan’ny nofonareo], fa mifanompoa amin'ny fitiavana. Fa tanteraka amin'ny teny iray ihany ny lalàna rehetra, dia izao: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao".’” (Galatiana 5:13–14).

Ny fijerena any ivelany mankany amin’ny hafa no fomba ahafahantsika manafaka ny tenantsika amin'ny fanararaotana ny maha-nofo antsika na ny fanekena ny fitiavan-tena. Tokony hifanompo amim-pitiavana isika. Mino aho fa ny Fanahy Masina dia manantitrantitra io fihetsika

© 2008 - Dries Du Plessis

feno fitiavana, toe-tsaina tsy misy fitiavan-tena amin’ny vahoakan’Andriamanitra ankehitriny. Maro ny olona miresaka momba ny fanompoana an’i Jehovah nefa tsy manompo ny mpiray finoana aminy mihitsy. Tsy fantatro hoe hatraiza ny tena fahafahanao manompo ny Tompo raha tsy vonona hanompo ny mpiara-manompo aminao ianao, satria ny Tompo dia tonga amintsika ao amin’ny mpikambana amin’ny Tenany. Ny toe-tsaintsika amin'ireo mpikambana ireo dia tena toe-tsaintsika manoloana ny Tompo Tenany mihitsy.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa manampy ahy mitia ny hafa lanao. Manambara aho fa manompo ny mpiray finoana amiko ho toy ny fomba fanompoana ny Tompo. Hihevitra ny hafa aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-331-MLG
Nohavaozina farany: 15 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

